FANKALAZANA NY FAHAMASINANA

CELEBRATING HOLINESS PRAYER AND FASTING GUIDE- MALAGASY

TORO-LALANA NY AMIN'NY VAVAKA SY FIFADIAN-KANINA

CHURCH OF THE NAZARENE - AFRICA REGION

www.africanazarene.org

"Ary hoy Josoa tamin'ny olona: Manamasina ny tenanareo: fa rahampitso dia hanao fahagagana eo aminareo Jehovah"

Josoa 3:5

Fijery ankapobeny

Voambara ho taona Hankalazana ny Fahamasinana ny taona 2012! Ny tsindriantsika amin'ny fanombohana dia ny fotoanan'ny vavaka sy ny fifandian-kanina, izay hanomboka ny Alarobian'ny Lavenona, dia ny faha-22 Febroary 2012 ary amin'ny fotoam-pankalazana amin'ny faha-8 Aprily 2012, izay Alahadin'ny Paska. Homarihana amin'ny fanokanan-tena manokana sy iombonana io fotoana, izay fantatry ny maro amin'ny hoe fotoanan'ny Karemy io, ka hanomanantsika tena ho amin'ny "ranonoram-pitahiana".

Jehovah ô, efa reko ny filazana Anao, ka raiki-tahotra aho; Jehovah ô, velomy ny asanao ao an-tenatenan'ny taona, ataovy fantatra ao an-tenatenan'ny taona izany" (Habakoka 3:2)

Ny fotoanan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia fotoana hangatahana amin'ny Raintsika handrehitra ao anatintsika sy manerana ny Fiangonan'ny Nazareana aty Afrika ny afom- paniriana lalina sy ny hafanam-po ho an'ny fahamasinana amin'ny fomba tsy mbola nisy hatrizay; fotoana hangatahana an'Andriamanitra handrehitra ny afom-pifohazana sy handatsahana ranonoram-pitahiana amin'ny Olony. Fotoana hangatahana fifohazana ho amin'ny fahamasinana, sy hamelana ny Fanahy Masina hanamasina antsika sy hanomana antsika ho Fitaovany hanamarika vanim-potoam-panavaozana sy fijinjana lehibe. Io fotoana io dia ho fotoam-piomanana amin'ny fanindriana ny Fankalazana ny Fahamasinana izay manomboka ny faha-8 Aprily 2012, izay Alahadin'ny Paska ka hatramin'ny faha-27 May 2012, Alahadin'ny Pantekosta.

Izany no nampahafantarina antsika dia mba hanampiana ny fiangonana tsirairay eo an-toerana amin'ny fandraisany anjara amin'io fotoam-panokanana io.

- Vavaka ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana
  - Fanindriana ny vavaka atao ao anaty vondrona kely
  - Fandaharam-bavaka
  - Vavaka mandehandeha
  - Ilay Ora izay manova izao tontolo izao
  - Modelim-bavaka an-tampony
  - Fiombonam-bavaka sy modelim-piderana
- Fifandian-kanina ho an'ny Fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana
  - Fandaharam-bavaka ho an'ireo 47 andron'ny Karemy manomboka ny Alarobian'ny Lavenona ka hatramin'ny Alahadin'ny Paska miaraka amin'ny soso-kevitra ho an'ny fandaharana sy ny zavatra atao izay handraisan'ny fiangonanareo eo an-toerana sy ny mpikambana ao amin'ny kangregasiona anjara mandritry ny Fankalazana ny fotoanan'ny Vavaka sy ny Fifandian-kanina ho an'ny Fahamasinana.
  - Fanazavana amin'ny antsipiriany sy ny mety ho fandaharana ho an'ny raharaha tsirairay haroso.

Vavaka ho an'ny Fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana

Inona no atao hoe Vavaka?

Ny hoe vavaka dia fifandraisana amin'Andriamanitra. Tafiditra ao anatin'izany ny firesahana amin'Andriamanitra sy ny fihainoana ny valin-teny omeny. Ny vavaka dia fanasana ho amin'ny fifandraisana akaiky amin'ilay Raintsika izay any an-danitra. Mifototra amin'ny fahazoantsika antoka fa tiany loatra isika hany ka nirahiny ny Zanany Lahitokana mba ho faty eo amin'ny hazofijaliana noho ny fahotantsika. Amin' ny vavaka no amaliantsika izany fitiavana izany, amin'ny alalan'ny fanatonantsika Azy sy ny fandaniantsika fotoana miaraka Aminy (Jaona 15:9)

Ahoana no tokony ivavahantsika?

- Mifidiàna fotoana sy toerana hivavahana (Daniela 6:10)
- Manatona Azy amin'ny fo madio (Hebreo 10:22)
- Mivavaha am-pinoana (Matio 21:22; Jakoba 1:6)
- Mivavaha amin'ny anaran'i Jesosy (Jaona 14:13-14)

Fangarom-bavaka vitsivitsy:

- Fiderana fiankohofana (Salamo 95:1-6; I Tantara 29:11-13)
- Fisaorana (Salamo 107:1; Kolosiana 1:5)
- Fibebahana (Matio 6:12-15; I Jaona 1:9)
- Fangatahana – mangataka an'Andriamanitra hameno ny filantsika (Matio 6:9-13; Jakoba 1:5)
- Vavaka ho an'ny hafa (Kolosiana 1:3-12; Jakoba 5:13-16)

Mivavaka ho an'ny fifohazam-panahin'ny tena manokana ho amin'ny Fahamasinana
Mampianatra zavatra betsaka antsika mikasika ny fivavahana ho an'ny fifohazam-panahin'ny tena manokana ny vavaka nataon'i Davida:

- Niangavy an'Andriamanitra izy handinika ny fony sy hampiseho izay mety ho ota miafina ao (Salamo 139:23-24)
- Niaiky ny fahotany izy ary nangataka famelan-keloka (Salamo 51:3-5)
- Nangataka an'Andriamanitra izy hanadio azy ho afa-pahotana (Salamo 51:7)
- Nangataka an'Andriamanitra izy hanavao ny fanahiny hiorina marina ao anatiny ka tsy hanaisotra ny Fanahiny aminy (Salamo 51:10-11)
- Nanangataka an'Andriamanitra izy hanafaka azy amin'ny feon'ny fieritretreretana manenjika azy (Salamo 51:14)
- Nanaiky izy fa mamaly ny fo torotoro sy mangorakoraka Andriamanitra (Salamo 51:17)
- Nifaly izy sady natoky ny famalian'Andriamanitra ny fangatahany (Salamo 51:18-19)

Mivavaka ho an'ny fifohazam-panahy iombonana ho amin'ny Fahamasinana
Rehefa mivavaka ho an'ny Fahamasinana Iombonana, dia tazomy ao an-tsaina ireto manaraka ireto:

- Halan'Andriamanitra ny fiangonana matimaty(Apokalypsy 3:16)
- Te-hamelona ny fiangonantsika Andriamanitra (Apokalypsy 2 :4-6)
- Te-hanome ny Fanahy Masiny bebe kokoa ho antsika Andriamanitra (Lioka 11 :13)
- Ario ny sampy sy ny sakantsakana rehetra (Matio 4:8-10; Kolosiana 3:8-10)

Inona no vavaka atao

- Mivavaha mba hamoronan'Andriamanitra fo torotoro (Isaia 57:15; Jakoba 4:6)
- Mivavaha hisian'ny fahazoana lalina sy faniriana bebe kokoa ny Fahamasinana (Isaia 6:1-5)

- Mivavaha mba hampisehoan'Andriamanitra ny ota miafina (Salamo 19:12-14)
- Mivavaha mba hisian'ny fangetahetana ny Teny sy fahavononana hankato (Salamo 119:97, 103; I Jaona 2:3-6)
- Mivavaha mba hitorian'ny mpitandrina teny amin-kery sy amin'ny fandresen-dahatra (I Korintiana 2:1-4)
- Mivavaha mba hananan'ny mpino fitiavana lalina kokoa an'i Jesosy Kristy (Matio 22:37-38)
- Mivavaha mba hisian'ny fandatsahana ny Fanahy Masina (Lioka 11:13; Asan'ny Apostoly 1:8)

Ny fampanantenan'Andriamanitra

- Hanasitrana ny tanintsika Andriamanitra (II Tantara 7:13-14)
- Hamaly antsika Andriamanitra raha mangataka araka ny sitrapony isika (IJaona 5:14)
- Handatsaka ny Fanahiny Izy raha mangataka isika (Joela 2:28)
- Hanome antsika fandresena Izy (Romana 8:37-39)

Fanindriana ny vavaka ao anaty vondrona sy fandaharam-bavaka

Hatokana ho an'ny vavaka sy ny fifadian-kanina ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana ny fotoam-pivavahana iray manontolo mandritra ity fotoana ity. Fanampin'izay, dia hivavaka ho an'ny vondrona iray manokana ao amin'ny fiangonana isika isan-kerinandro. Tokony hiara-hivavaka, hiara-hianatra mikasika ny vavaka sy ny fifandian-kanina ary hifampahery io vondrona io vondrona manokana io.

- Herinandro Voalohany: ny vehivavy
- Herinandro faharoa: ny lehilahy
- Herinandro fahatelo: ny tanora zokiny
- Herinandro fahaefatra: ny tanora
- Herinandro faha-dimy: ny ankizy
- Herinandro faha-enina: Vavaka iombonana

Ny herinandro tsirairay ao amin'ny **Fandaharam-bavaka** dia marihina amin'ny vavaka izay mifantoka amin'ny zana-paritra tsirairay eo amin'ny faritra sy ny olana manery izay atrehantsika eto amin'ny kontinanta ankehitriny. Ampiasao handaminana ny fotoam-bavaka sy fifandian-kanina ny Fandaharam-bavaka. Tazomy ao an-tsaina fa ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana maneranan'i Afrika no fangataham-bavaka fototra mandritra ity fotoana ity.

Vavaka mandehandeha[1]

Inona no atao hoe vavaka mandehandeha?

"Ny hoe vavaka mandehandeha dia fivavahana any amin'izay toerana tianao hamalian'Andriamanitra ny vavakao fotsiny" (Inona no ho nangatahin'i Jesosy, nosoratan'ny Mpanao Lalana)

Fitondrana am-bavaka any amin'ilay toerana izay tianao hiasan'Andriamanitra izy io. Ny foto-kevitry ny vavaka mandehandeha dia mitondra ilay olona mivavaka hifandray mivantana amin'ny olona ao amin'ny toerana izay entinao am-bavaka mafy.

Ahoana no anaovana izany?

Ny vavaka mandehandeha dia fandehanana irery na miaraka amin'ny olona, any amin'ny toerana na fiarahamonina iray voatondro, ka mivavaka ho an'ny filan'ny olona mipetraka ao. Izany dia mahatonga antsika ho afaka hivavaka eo akaikin'ireo ao anatin'ilay fiarahamonina izay mila ny fivavahantsika.

---

[1] Ny ankamaroan'ny lahatsoratra mikasika ny vavaka mandehandeha dia fanajana an'i Bob Tremaina, Talen'ny Iraka, Fikambanana Parker-Palo Pinto

Ny vavaka mandehandeha dia fivavahana eo an-toerana:

- Ny vavaka mandehandeha dia fivavahana ho an'ny olon-kafa
- Ny vavaka mandehandeha dia fanakaikezana ireo izay entinao am-bavaka mba ahafahanao mahazo tsara ny filan'izy ireo sy ny fomba hivavahana ho azy. Izany dia mahatonga ny fonao hiombona amin'ny filan'ny hafa sy mampahafana fo anao amin'ny vitrika ara-panahy rehetra izay mila miseho sy hiseho.
- Ny vavaka mandehandeha dia manampy hahatsapanao ny olana.Ny feo, ny fahitana, ary ny fofona dia manampy hamporisihana ny fanahinao hitondra am-bavaka

Ny vavaka mandehandeha dia fivavahana ao anaty fahiratan-tsaina:

- Fahiratan-tsaina setrin'ny zava-misy. Eo anoloanao izay entinao am-bavaka
- Fahiratan-tsaina vokatry ny fikarohana. Fivavahana ao anatin'ny fahalalana ny tantaran'ny toerana na ny fiarahamonina izay ivavahanao.
- Fahiratan-tsaina nomena. Mila mivavaka sy mangataka an'Andriamanitra isika haneho amintsika izay mila ifantohana amin'ny vavaka ataontsika. Mila mamela ny Fanahy Masina isika hitarika antsika amin'ny vavaka ataontsika.

Ny atao ao amin'ny vavaka mandehandeha:

1. Miaraha mivavaka amin'ny olona iray, na maromaro
2. Asio tanjona ny vavakao – dia ny fanirian'Andriamanitra
3. Mivavaha miaraka amin'ny tenin'Andriamanitra – mifantoka kokoa amin'ny fampanantenan'Andriamanitra fa tsy amin'ny olana
4. Mivavaka amin'ny Fanahin'Andriamanitra
5. Mihainoa ary miandrasa an'Andriamanitra

Ny ora izay manova izao tontolo izao[2]

Ny kodiaram-bavaka etsy ambany dia natao hanampy hampifantoka rehefa mivavaka. Zaraina dimy minitra roa ambin'ny folo ny adiny iray, ka karazam-bavaka iray isaky ny dimy minitra. Hahafahanao mandamina tsara ny fotoana hivavahana ho an'ny Fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana manerana ny faritr'i Afrika ity fomba fiasa ity.



[2] Sary nataon'i Dick Eastman, mamorona ny Ovay ny Sekolim-bavak'izao tontolo izao

Oram-bavaka

Dimy minitraavy ny fizarana tsirairay ary 60 minitra ny totalin'ny faharetany

1. Fiderana sy fiankohofana
2. Miandry an'i Jehovah
3. Fiaiken-keloka
4. Vavaka araka ny Soratra Masina
5. Fiambenana
6. Fitondrana am-bavaka
7. Fangatahana
8. Fisaorana
9. Hira
10. Fandinihan-tena
11. Fihainoana
12. Fiderana

Modelim-bavaka an-tampony
Ny vavaka an-tampony dia ezaka hanao vavaoka iombonana izay anasanareo fiangonana rahavavy, fiangonana hafa, mpitarika eo amin'ny fiarahamonina, sns hiara-hivavaka ho an'ireo olana fototra ao amin'ilay fiarahamonina fa indrindra ho an'ny filatsahan'ny Fanahy Masina.

Tolo-kevitra amin'ny fandaharam-potoana:

A. Fiarahabana sy firarian-tsoa
   1. Salamo 42: 1-2; 84: 1-2; 10-11; 133: 1-3
   2. Fisarihana
   3. Vavaka fiomanana: vondrona misy olona telo. Samy mizara ny filana voalohany ao anaty ny iray minitra avy ka mifampivavaka hanesorana ny enta-mavesatra ao am-po ary miomana hifantoka amin' ny hafa sy ny fiaraha-moninareo.
   4. Fiderana: Salamo 132
   5. Hira fiderana

B. Fibebahana sy fanokanan-tena manokana.
   Soratra masina: Joela 2: 12-14

   1. Mangataka olona maromaro hivavaka hangataka fitarihana, fiarovana amy fanatrehan'Andriamanitra
   2. Hira fiderana
   3. Vakio ny Jakoba 4: 8-10. Makà fotoana hivavahana irery ho an'ny toe-panahinao manokana

C. Vavaka ho an'ny filana manokana ao amin'ny fiarahamonina
   Soratra masina: II Tantara 7: 14
   1. Asao handroso eny aloha sy hivavaka ho an'ireo olana fototra ao amin'ny fiarahamonina ny mpitarika lehibe
   2. Vakio ny Joela 2:28. Mivavaka mba hilatsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fiarahamonina

D. Vavaka ao anaty faribolana kely
   1. Atambaro ny lehilahy ary atambaro ny vehivavy
   2. Mizarà filana manokana. Iharan'ny fitsikerana, tsy fisian'ny fanoloran-tenan'ny mpikambana, fifaninana ary tahotry ny tsi-hahomby koa ny mpitandrina. Aza miresaka fangatahana

3. Mandehana miodidina ilay faribolana ka olona tsirairay dia mivavaka ho an'ilay eo an-kavia/an-kavanany mandra-pahafahan'ny tsirairay nivavaka sy nentina am-bavaka

E. Vavaka mahafindra tendrombohitra
Soratra Masina: Jer emia 33: 1-11
1. Mivavaka ho an'ny fianakaviana: ny ray aman-dreny/ny raybe sy renibe Mivavaka ho an'ny zaza very
2. Mivavaka hamonjena, hamerenana amin'ny laoniny indray ny fanambadiana; hisian'ny fihaike-keloka sy fibebahana; fanitsiana ny toetra
3. Mivavaka mba hahatonga ny fiangonana ho tranom-bavaka ho an'ny firenena rehetra; ho an'ny biraom-piangonana ny mpitarika

F. Fifohazam-panahy, fanavaozana
Soratra Masina: Asa 3: 19; Ezekiela 37; Salamo 85:6
1. Manaova vavaka avy amin'ny loha-hevitre ara-tSoratra Masina mikasika ny fifohazam-panahy, fanavaozana ary filatsahan'ny Fanahy Masina
2. Asao handroso sy handohalika ireo mpitarika handimby manaraka izay latsaky ny 40 taona; didino amin'ny vavaka fangatahana fanavaozana.

G. Vavaka fiderana sy fisaorana
Soratra Masina: I Tantara 29: 11-13, Salamo 95:1-6, Salamo 100
1. Mandehana tsitelotelo. Misaorà an'Andriamanitra ny amin'izay nataony nandritra ireo andro/ora ireo. Manaova vavaka avy amin'ny fampanantenana fampiasa indrindra ao amin'ny Baiboly mikasika ny finoana sy fanantenana

Hira vavaka sy fiderana
Ny hira vavaka sy fiderana dia fotoana izay iarahan'ny kaongregasiona mamaky Soratra Masina mihira, mijoro vavolombelona mikasika ny valim-bavaka ary mifampahery.
Tsy maintsy homanina mialoha ny fandaharam-potoana.
Tokony hankinina amin'ny olona samihafa ny hira ara-tsoratra Masina sy ny raharaha hafa mba ho olona isan-karazany no mitarika ny fotoana.
Ohatra iray amin'ny hira vavaka sy fiderana ity manaraka ity. Kanefa kosa azo hampifanarahana amin'ny tontolo misy anareo ny fandaharam-potoana.

Modelin-kira vavaka sy fiderana
- Zarao mialoha ny mpitarika ity toro-lalana ity hiomanany hitarika ny kaongregasiona
- Mifidiana mpitarika/mpamaky teny maro arak'izay azo atao
- Avy ao amin'ny Baiboly dika teny iombonana hakana ny Soratra Masina

Mpitandrina na mpitarika fotoam-bavaka: tongasoa ato amin'ny trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra. " Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra" (Marka 11:17). Aoka isika hitsangana hiara-hanandram-peo amin'ny fiderana sy fiankohofana. Andao hiara-hidera

Mpitarika fotoana: hira fiderana sy fiankohofana -15 minitra
Tolo-kira: Here I am to worship (Eto aho hidera),

Vavaka fiderana sy fiankohofana
Mpitarika A: vakio ny Salamo 96

Hirao miaraka: Halleluyah, thine the glory (Anao ny dera)

Miara-mivavaka ny rehetra: manaova vavaka fiderana, fiankohofana ary fisaorana

Vavaka fandinihan-tena sy fiaike-keloka
Mpitarika B: vakio ny II kor 7:1

Hirao miaraka: Mandeha amin'ny lalan'ny Tompo irery ihany na Atolotro ho anao ny amiko manontolo

Mandoaliha eo amin'ny sezanao/toerana misy anao handini-tena mangina sy hiaiki-heloka ary hibebaka

Vavaka ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana
Mpitarika C: vakio ny Habakoka 3:2

Hirao miaraka: Ialao io lalana io

Mandehana tsitelotelo ka hatramin'ny dimy ary mivavaka ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana eto amin'ny Faritra Afrika

Fitondrana am-bavaka
Mpitarika D: vakio Zakaria 4:6

Hirao miaraka: Mifantoka amin'ilay lalana miakatra aho.

Miarà mivavaka ao anaty vondrona, mandehana tsitelotelo ka hatramin'ny tsidimidimy Mivavahà ho an'ny mpitarika ao amin'ny fiangonana.

Vavaka ho an'tsy mbola voavonjy
Mpitarika E: vakio ny Salamo 2: 7-8

Hirao miaraka: Zarao ilay hazavana

Miarà-mitalao mafy ho an'ireo izay tsy manana an'i Jesosy Kritsy ho Mpamonjy azy manokana

Vavaka ho an'ny Ankohonana
Mpitarika F: vakio ny Genesisy 18:19; Deo 6:6

Hirao miaraka: Satria velona Izy.

Mandehana tsiroroa ka mifampivavahà ho an'ny ankohonany avy. Mivavahà ihany koa ho an'ny ankohonana amin'ny ankapobeny.

Vavaka ho an'ny fanasitranana
Mpitarika G: vakio ny Eksodosy 15: 26b

Hirao miaraka: Izaho ilay Andriamanitra Mpanasitrana

Manasa ireo izay tsy Salama handroso, ary ny ambiny kosa hiara-hivavaka ho azy ireo.

Vavaka fisaorana
Mpitarika H: vakio ny Salamo 100

Hirao miaraka: Ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra

Miarà-manao vavaka fisaorana sy fihobiana

Vavaka ho an'ny zana-paritra sy ny faritra Afrika
Mpitarika A:
Izao isika dia hivavaka ho an'ny tsirairay avy amin'ireo zana-paritra fito eto amin'ny faritra misy antsika. Atombontsika amin'ny zana-paritra Afrika Afovoany sy Afrika Atsinanana. I Rev Paul Mtambo no mpandrindra ny paikady ho an'ny zana-paritra afovoany. I Rev Don Gardner no mpandrindra ny paikady ho an'ny zana-paritra Atsinanana.

Manasa antsika rehetra hitsangana. Andao hiarahana mamaky ny Salamo 92:2-3 (Atao projection): "Mihira ho an'i Jehovah, misaorà ny anarany, lazao isan'andro isan'andro ny famonjena mahafaly. Ambarao any amin'ny jentilisa ny voninahiny, ary any amin'ny firenena rehetra ny fahagagana ataony"(Salamo 96: 2-3)

Manainga ireo olona ireo ato amin'ny ankavanako aho hanao faribolana kely vitsivitsy hivavaka ho an'ny zana-paritra afovoany sy ho an'i Rev Mtambo, ho an'ireo mpitantana distrika ao ary ny mpitandrina. Ny olona eto an-kavia kosa di angatahako hanao faribolana kely vitsivitsy koa ary hivavaka ho an'ny zana-paritra sy Rev Gardner, ho an'ny mpitantana distrika ary mpitandrina.

Ento am-bavaka ny sasany amin'ireto loha-hevitra ireto: fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra, fitoriana ny filazantsara, fanaovana mpianatra, fandrosoan'ny fahamasinana ao amin'ny fiangonana, ireo distrika sy mpitarika, ny paikady fanitarana ny iraka, fitandremam-pananana, ary tena fanavaozana marina ny saina eo amin'ny zana-paritra tsirairay.

Izao dia asaiko hivavaka mandritry ny roa minitra ny vondrona tsirairay. Aoka samy hamarana ny vavaka ataony avy kosa rehefa manomboka ny hira.

Hirao: Ireto avy ny andron'I Elia

Mpitarika B: Mbola mitohy mivavaka ihany isika, ary hifantoka amin'ny Tandrok'i Afrika sy ny zana-paritra Lusophone. I Rev Paulo Sueia no mpandrindra ny paikady ho an'ny zana-paritra Lusophone.

Manainga antsika rehetra hiara-hitsangana. Andao vakiana miaraka ny Salamo 22: 27-28 (alefa "projection"): "Hahatsiaro ka hiverina ho amin'i Jehovah ny faran'ny tany rehetra, ary hiankohoka eo anatrehanao ny fokon'ny firenen- tsamy hafa. Fa an'i Jehovah ny fanjakana; ary manapaka amin'ny firenen-tsamy hafa Izy" (Salamo 22: 27-28)

Manainga ny olona ato an-kavanako mba hanao boribory kely ka hivavaka ho an'ny Tandrok'i Afrika sy Rev Choliye, ho an'ny mpitantana distrika ary ny mpitandrina. Ny ato an-kavanako kosa, dia hano boribory ihany koa ka hivavaka ho an'ny zana-paritra Lusophone sy Rev Sueia, ireo mpitantanana ny distrika, ary ny mpitandrina.

Ento am-bavaka ny sasany amin'ireto loha-hevitra ireto: fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra, fitoriana ny filazantsara, fanaovana mpianatra, fandrosoan'ny fahamasinana ao amin'ny fiangonana, ireo distrika sy mpitarika, ny paikady fanitarana ny iraka, fitandremam-pananana, ary tena fanavaozana marina ny saina eo amin'ny zana-paritra tsirairay.

Izao dia asaiko hivavaka mandritry ny roa minitra ny vondrona tsirairay. Aoka samy hamarana ny vavaka ataony avy kosa rehefa manomboka ny hira

Hira: Saotra sy dera

Mpitarika C: Mitohy hivavaka ihany isika ary hifantoka amin'ny zana-paritra afovoany sy ny zana-paritra andrefana i Rev Chanshi Chanda no mpandrindra ny paikady ho an'i Afrika afovoany. I Rev Mark Louw no mpandrindra ny paikady ho an'ny zana-paritra andrefana.

Andao isika hiara-hitsangana ary hiara-hamaky ny Matio 24: 14 "Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany". (Matio 24: 14)

Manainga ny ato an-kavanako hanao boribory hivavaka ho an'i Afrika Afovoany sy Rev Chanda, ho an'ny mpitantana distrika ary ny mpitandrina. Ny ato an-kavia koa dia mba hanao boribory kely maromaro ka hivavaka ho an'i Afrika andrefana sy Rev Louw, ho an'ireo mpitantana distrika ary ny mpitandrina.

Ento am-bavaka ny sasany amin'ireto loha-hevitra ireto: fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra, fitoriana ny filazantsara, fanaovana mpianatra, fandrosoan'ny fahamasinana ao amin'ny fiangonana, ireo distrika sy mpitarika, ny paikady fanitarana ny iraka, fitandremam-pananna, ary tena fanavaozana marina ny saina eo amin'ny zana-paritra tsirairay.

Hira: "Miderà an'Andriamanitra amin'ny feo mahery"

Mpitarika D: Hofaranantsika amin'ny vavaka ho an'ny zana-paritra Atsimo sy ny birao rejionaly. I Rev Collin Elliot no mpandrindra ara-paikady ho an'ny zana-paritra Atsimo. I Rev Filimao Chambo izay Talen'ny Faritra misy antoka kosa no mitarika ny fiangonana manerana ny faritra. Manaovà boribory eo amin'ny toerana misy anareo, ary miomanà hiara-hanao vavaka mafy.

Manainga ny ato an-kavanako hanao boribory kely maromaro ka hivavaka ho an'ny zana-paritra Afrika Atsimo sy Rev Elliot, ho an'ireo mpitantana distrika ary ny mpitandrina. Ny ato an-kavia kosa dia hanao boribory kely maromaro ka hivavaka ho an'ny birao rejionaly sy Dr Filimao Chambo sy ny ekipany.

Mivavahà ho an'ny mpitantana sy Distrikanareo manokana, sy ireo mpitandrina ao amin'ny distrikanareo ary ny mpitandrina anareo.

Ento am-bavaka ny sasany amin'ireto loha-hevitra ireto: fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra, fitoriana ny filazantsara, fanaovana mpianatra, fandrosoan'ny fahamasinana ao amin'ny fiangonana, ireo distrika sy mpitarika, ny paikady fanitarana ny iraka, fitandremam-pananana, ary tena fanavaozana marina ny saina eo amin'ny zana-paritra tsirairay.

Izao dia asaiko hivavaka mandritry ny roa minitra ny vondrona tsirairay. Aoka samy hamarana ny vavaka ataony avy kosa rehefa manomboka ny hira

Aorian'ny hira, dia afaka miroso amin'ny fiarahana ianareo (fisakafoanana raha azo atao) miaraka amin'ny vina nohavaozina sy hafanam-po ho an'ny iraka nomena antsika, dia ny hanao mpianatra ny firenena rehetra hanahaka an'i Kristy, manomboka aty Afrika

Hirao: "Manjaka Izy"
Mpitarika fiderana: feon-kira famaranana "Deraina ny mpanjaka"

Fifandian-kanina ho an'ny Fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana

"Manamasina andro fifadian-kanina, miantsoa fivoriana masina, angony ny loholona sy ny mponina rehetra amin'ny tany ho ao an-tranon'i Jehovah Andriamanitrareo, koa andeha mitaraina amin'i Jehovah" Joela 1:14

Inona no atao hoe fifandian-kanina?

Ny fifadian-kanina dia fihinanana sakafo tsy mihoatry ny tokony ho izy na tsy fihinanana mihitsy noho ny toe-java-misy na faniriana hanao izany mihitsy.

Ny fifadian-kanina dia fifehezan-tena ara-panahy izay nanomboka tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha. Ny firesahana voalohany ny fifadian-kanina hitantsika ao amin'ny Baiboly dia ao amin'ny Eksodosy 34:27-28: "Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: Soraty ireo teny ireo, fa araka ireo teny ireo no nanaovako fanekena aminao sy amin'ny Isiraely. Dia teo amin'i Jehovah efa-polo andro sy efa-polo alina izy sady tsy nihinanan-kanina sy nisotro rano. Ary nosoratan'i Jehovah tamin'ny vato fisaka ny tenin'ny fanekena, dia ny Didy Folo."

Nifady hanina efa-polo andro tany an-efitra i Jesosy nialohan'ny nakan'ny devoly fanahy Azy (Matio 4:1-11), ary naneho ny fahafahantsika mandresy ny fakam-panahy lehibe apetraky ny devoly eny amin'ny lalantsika amin'ny alalan'ny fahalalana, ny finoana, ary ny filazana ny Tenin'Andriamanitra

Misy andalana maro hafa miresaka ny fifandian-kanina ao amin'ny Baiboly, toy ny Lioka 2:36-37, Asan'ny Apostoly 13:1-3, ary ny Asan'ny Apostoly 14:23

Ny fifandian-kanina ara-panahy dia mitarika tsy fanaovana asa aman-draharaha sy fampihenana ny fisakafoanana ary fanoloana ireo asa aman-draharaha ireo amin'ny fivavahana sy fifantohana amin'ny resaka ara-panahy. Fotoana fianteherana amin'Andriamanitra ny amin'ny tanjaka, fahazavan-tsaina sy fo, ary fitarihana io; fotoana fiarahana mifantoka amin'Andriamanitra

Karazam-pifadian-kanina telo no fantatra amin'ny ankapobeny: *ny mahazatra*, izay tsy hininana sakafo mihitsy mandritry ny fotoana voatondro, kanefa mety azo hisotroana rano; *amin'ny ampahany*, izay hamerana ny sakafo hohanina, fa ny sakafo sasany kosa azo hohanina; ary ny *tanteraka*, izay tsy hihinanana na hisotroana mihitsy. [3]

Mety tafiditra ao anatin'ny zavatra fadiana ankoatry ny sakafo ny tsy fialana voly sy tsy famakiana boky, fa misafidy fitokanana sy fahanginana hikatsahana ny tavan'Andriamanitra, tsy fanaovana firaisana ara-nofo.

- Tokony hampiarahana amin'ny vavaka, fiaike-keloka, fianarana ny Tenin'Andriamanitra ny fifandian-kanina ho an'ny Fahamasinana (Salamo 51:1-13, Salamo 119:9-16)
- Tokony atao amim-panetre-tena ny fifadian-kanina (Isaia 58:5)
- Tokony hatao amin'ny fo marina sy hanomezana voninahitra an'Andriamanitra irery ihany izy io (Matio 6:16-18)
- Tokony hatao amin'ny fo feno fifaliana sy feno fisaorana ny fifadian-kanina (Matio 6:17-18)
- Tokony ampiarahina amin'ny fankatoavana ny baikon'Andriamanitra ny fifandian-kanina (Isaia 58)

[3] Elwell, W.A.,et Comfort, P.W (2001). Rakibolana Tyndale Bible

- Fomba iray tsy hifantohana amin'ny tena sy ny filantsika ary ny faniriantsika ny fifantohana amin'ny hafa sy famenoana ny filan'izy ireo mandritra ny fotoam-pifadian-kanina ataontsika (Isaia 58:6-7)

Toro-lalana vitsivitsy azo ampiharina hanantanterahana ny fifandian-kanina

- Mora kokoa ho an'ny olona sasany ny mahazo aina ao anaty fifandian-kanina. Atomboy amin'ny tsy fandinganana fotoam-pisakafoanana iray, ary ampitombohy tsikelikely ny fotoam-pifadianao hanina.
- Tokony hiresaka amin'ny mpitsabo azy ny olona manana aretina efa raiki-tapisaka toy ny diabeta vao manomboka mifady hanina.
- Afaka mifady ny ankizy amin'ny alalan'ny tsy fialana voly, tsy filalaovana ary ny tsy fihinanana vato mamy mandritry ny fotoana voafetra.
- Mandaminà fivoriam-bavaka sy fianarana Baiboly ao anaty vondrona mandritry ny fotoana hifadian-kanina hifampaherezana.
- Manaova planina hamarana miaraka ny fifadiana amin'ny fiarahana mandray ny Fanasan'ny Tompo sy fihinanana sakafo maivana aorian'izay.
- Aza misesika sakafo mihoatra ny tokony ho izy aorian'ny fotoam-pifadian-kanina lavalava satria mila fotoana hizarana sakafo indray ny fandevonan-tsakafonao.
- "Mitaky fanoloran-tena matanjaka ny fandraisana ny fitahiana tsara indrindra avy amin'Andriamanitra avy amin'ny fifadian-kanina. Tena ilaina tanteraka ny fanokanana fotoana manokana hiarahana amin'Andriamanitra isan'andro mba hananana firaisana akaiky amin'ny Ray. Tsy maintsy manolon-tena hikatsaka ny tavan'Andriamanitra ianao, na dia (ary indrindra indrindra) ao anatin'ny fotoana hahatsapanao tena ho malemy, osa, na mora tezitra aza. Vakio ny Teniny ary mivavaha mandritry ny fotoana izay natao hisakafoanana. Eritrereto lalina ny momba Azy rehefa mifoha ianao amin'ny alina. Mihirà fiderana ho Azy araka izay tianao". (Dr. Bill Bright, Ny toro-lalana manokana ho anao momban'ny fifadian-kanina sy vavaka)

Toro-lalana ho an'ny vavaka sy fifadian-kanina izay novolavolain'i Rev Samantha Chambo, Mpandrindra ny NMI ho an'ny faritr'i Afrika

Mankalaza ny Fahamasinana Fanindriana ny Vavaka sy Fifadian-kanina miaraka amin'ny tolo-kevitra amin'ny sahan'asa atao

Alatsinainy	Talata	Alarobia	Alakamisy	Zoma	Sabotsy	Alahady
20 **Fanindriana ny vavaka isan'andro**	21 **FEBROARY**	**Alarobian'ny lavenona** 22 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	23	24	25	26 **Fanokafana amin'ny fomba ofisialin'ny fankalazana ny dingana mankany amin'ny Fahamasinana**
Zana-paritra Afrika 27 Atsimo Birao rejionalin'i Afrika **Vondrona**: Ny Vehivavy	28	29 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	1 **Martsa**	2 Alim-bavaka	3	4 Hira vavaka sy fiderana
Zana-paritra Afrika 5 Afovoany Ivon-toerana ho an'ny asa-fanompoana maneran-tany **Vondrona**: ny Lehilahy	6	7 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	8	9	10 Vavaka an-tampony	11
Zana-paritra "Lusophone" 12 Zana-paritra Afrika Afovoany **Vondrona**: Tanora zokiny	13	14 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	15	16 Alim-bavaka	17 Vavaka mandehandeha	18
Tandrok'i Afrika 19 Zana-paritra Afrika Andrefana **Vondrona**: ny tanora	20	21 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	22	23	24	25
Zana-paritra Afrika 26 Atsinanana VIH/SIDA sy ny voan'ny mosary **Vondrona**: ny ankizy	27	28 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	29	30 Vavaka mandehandeha	31	1 **Aprily**
Filatsahan'ny Fanahy Masina2 amin'i Afrika Vondrona: ny rehetra	3	4 Fivoriam-bavaka anaty vondrona kely	5	**Zoma masina** 6 Fisitahana hivavaka Lasim-bavaka	7	**Alahadin'ny Paska** 8 **Fotoam-pankalazana!**